REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Fitokanana ny toerana fialam-boly sy fitsangatsanganana "Analamanga Park"

Tafiditra ao anatin'ireo ezaka ho fanatsarana sy ho fampandrosoana ny Faritra tsirairay hoy Filoha Andry RAJOELINA, ny fametrahana toerana tsara fialam-boly sy fitsangatsanganana, raha tonga nitokana tamin'ny fomba ofisialy ny fisokafan'ny "Analamanga Park" ny tenany, ny asabotsy 16 oktobra 2021.

Nasiam-panitarana sy nohavaozin'ny Faritra Analamanga tanteraka ity toeram-pitsangatsanganana malaza ity, izay efa maty tanteraka sy nikatona mihintsy teo aloha. Maro ny fotodrafitrasa vaovao natsangana sy fialam-boly azo tanterahina ao an-toerana. Anisan'izany ny kianja fanaovana fampisehoana, ny toeram-pisakafoana, ny efitra fandraisam-bahiny, ny kianja filalaovana baolina kitra, ny basket ary ny volley-ball, ny tokontany filalaovana tsipi-kanetibe, ny dobo filomanosana. Misy ihany koa ny toeram-pivarotana vokatra sy entana voafantina ary ny kilalao ho an'ny ankizy.

Niarahaba ary nisaotra manokana an'ny Governoran'ny Faritra Analamanga, Atoa Hery Rasoamaromaka moa ny Filoha RAJOELINA tamin'izao fahavitan'ny asa fanatsarana ny "Analamanga Park" izao, ary namporisika ireo Governoran'ny Faritra hafa ihany koa mba hanao asa tsara sy haingana. Mila miasa mafy ny Governora rehetra, hoy ny Filoha, ho fampandrosoana ny Faritra rehetra sy ny Firenena iray manontolo. Miasa aingana sy miasa mafy ary manasoa vahoaka, izao Fitondram-panjakana izao, hoy ny Filoha, ary raha mbola tsy resy ny fahantrana dia tsy hisy hahasakana ny fanatanterahina ny ezaka izay atao ho fampandrosoana ny Firenena hoy hatrany izy.

Ny sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana
16-10-2021